



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA



**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY
TAONA 2020**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-78

**FIFIDIANANA NY HO SOLOTENAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA
EO ANIVON'NY VAOMIERA MAHALEOTENA MISAHANA
NY FIFIDIANANA NA NY CENI**

Fivoriana faha-24
- Natao ny -
Talata 30 Jona 2020
- Tolak'andro -

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

MPITANTSORATRA: - Ramatoa RAKOTOMANGA Lantoarivola Sedera
- Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré

FOTOANA: Talata 30 Jona 2020 tamin'ny 3 ora, tolak'andro.

FANDAHARAM-POTOANA: Fifidianana ny ho solotenan'ny Antenimierampirenena eo anivon'ny Vaomiera Mahaleotena misahana ny Fifidianana na ny CENI.

Nitohy ny Talata 30 Jona 2020 tamin'ny 3 ora, tolak'andro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filoha no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Ramatoa Filoha dia niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana.

Ramatoa RAKOTOMANGA Lantoarivola Sedera, Kestora Faharoa no natanteraka izany.

Taorian'izay, nisaotra ny Mpitantsoratra, Ramatoa Filoha, sady nampahatsiahy ny fandaharam-potoana dia ny fifidianana izay ho solotenan'ny Antenimierampirenena ho eo anivon'ny Vaomiera Mahaleotena misahana ny Fifidianana na ny CENI.

Rehefa izay, niangavy ny Mpitantsoratra indray Ramatoa Filoha hamaky andininy faha-15 ao amin'ny Lalàna laharana faha-2015-020 tamin'ny 19 Oktobra 2015 mikasika ny Vaomiera Mahaleotena misahana ny Fifidianana na ny CENI. Ramatoa RAKOTOMANGA Lantoarivola Sedera hatrany no namaky izany, ka toy izao no fivakiny:

«Article-15: La formation permanente de la Commission Electorale Nationale Indépendante est un organe collégial constitué de neuf (09) membres dont:

- Une personnalité désignée par le Président de la République;
- Une personnalité élue par le Sénat;
- Une personnalité élue par l'Assemblée Nationale;
- Une personnalité élue par la Haute Cour Constitutionnelle;
- Une personnalité élue par la Cour Suprême;
- Une personnalité élue par l'Ordre des Avocats;
- Une personnalité élue par l'Ordre des Journalistes;
- Deux personnalités élues par les Organisations de la Société Civile légalement constituées œuvrant dans le domaine de l'observation des élections.

Les modalités d'élection des membres de la Commission Electorale Nationale Indépendante seront fixées par voie règlementaire».

Talohan'ny nirosoana tamin'ny fifidianana, nambaran-dRamatoa Filoha, fa nisy asa mialoha niarahan'ny CENI sy ny Minisiteran'ny Atitany ary nisy antontan-taratasy nodinihina miaraka amin'ireo fepetra notakiana mikasika ireo mpirotsaka hofidina ho fanajana ny Lalàna laharana faha-2015-020 tamin'ny 19 Oktobra 2015 mikasika ny Vaomiera Mahaleotena misahana ny Fifidianana na ny CENI. Noho izany, isaorana izy ireo nahatontosa ny asa nankinina taminy.

Rehefa izany, niroso tamin'ny fanononana ny anaran'ireo mpilatsaka hofidina izay nahafeno fepetra, Ramatoa Filoha.

Ireto avy ireo mpirotsaka ho fidina:

- 1- Andriamatoa RANDRIAMALALA Robert Charly (Expert électoral);
- 2- Andriamatoa RALAIARILIVA Ndrina Mamy (Administrateur Civil en Chef de Classe Exceptionnelle de 6^{ème} échelon)
- 3- Andriamatoa RAKOTONANDRASANA Roger (Magistrat Judiciaire de 2^{ème} Grade 2^{ème} échelon);
- 4- Andriamatoa RAZAFIMAMONJY Laza Rabary (Administrateur Civil en Chef de Classe Exceptionnelle);
- 5- Andriamatoa BENAIVO Andrianaly (Administrateur Civil);
- 6- Andriamatoa RAVELOSON Jean de Dieu (Administrateur Civil en Chef de Classe Exceptionnelle);
- 7- Andriamatoa KOERA RAHARIJAONA Alain (Officier Supérieur de l'Armée Malagasy);
- 8- Andriamatoa RAKOTOMAHANINA Franklin James (Magistrat);
- 9- Andriamatoa ANDRIATSIVERY Eugene Jean Larséne (Magistrat)
- 10- Andriamatoa RANDRIANAVALOMIHAJA Fidilalao (Directeur de l'ONG ADESESEVA);
- 11- Andriamatoa IAVIZARA RASOLONJATOVO Franck Julson (Général de Brigade);
- 12- Andriamatoa RAJAONARISON Chali Hyacinthe James (Administrateur Civil);
- 13- Andriamatoa RALEVASON Hary Tiana (Administrateur Civil de Classe Exceptionnelle);
- 14- Andriamatoa RANADY Alson Georges (Administrateur Civil);
- 15- Andriamatoa RAKOTONIAINA Lova (Chargé de mission auprès du Ministère de l'Enseignement Supérieur);
- 16- Andriamatoa FELICE Adolphe (Ex-Commissaire électoral national)
- 17- Andriamatoa RANDRIAMBELOSON Angélo François (Administrateur Civil);
- 18- Andriamatoa RANDRIAMITOVO Edmond (Administrateur Civil);
- 19- Andriamatoa RANIVOARISON Jemison (Gestionnaire de Projets)
- 20- Ramatoa ANTILAHY Herimpitia Esthelle Rolande (Consultante Indépendante)
- 21- Andriamatoa RAZAFINDRAKOTO Hasina Niombonana (Magistrat);
- 22- Andriamatoa MAHEFASOA ANDRIANAMBININA Daniela Fidimalala (Vérificateur auprès du Ministère des Finances);
- 23- Andriamatoa RASOLO Nandrasana Georges Martin (Magistrat de 2^{ème} Grade, 3^{ème} échelon)
- 24- Andriamatoa TSIFAKIA Pascal (Chef d'antenne CENI)

Marihana fa tsy tonga ireto kandida manaraka ireto:

Andriamatoa RAKOTONANDRASANA Roger
 Andriamatoa RAZAFIMAMONJY Laza Rabary
 Andriamatoa RAKOTOMAHANINA Franklin James
 Andriamatoa IAVIZARA RASOLONJATOVO Franck Julson
 Andriamatoa RANADY Alson Georges
 Andriamatoa RANIVOARISON Jemison.
 Ramatoa ANTILAHY Herimpitia Esthelle Rolande.
 Andriamatoa TSIFAKIA Pascal.

Torian'izay, nambaran-dRamatoa Filoha fa hiroso avy hatrany amin'ny fampielezan-kevitra ireo mpilatsaka hofidina.

Atomboka amin'ny filaharana araka ny voasoratra amin'ny lisitra izany.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa omena 3 minitra tsirairay avy ireo mpilatsaka hofidina hanatanterahany ny fampielezan-kevitra.

Talohan'ny nanatanterahana izany dia nanao satroka Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas, fa lava loatra raha 3 minitra hanaovana fampielezan-kevitra.

Rehefa izany, niroso tamin'ny tsangan-tànana ny Solombavambahoaka amin'ny handaniana na tsia izany fe-potoana izany.

Solombavambahoaka miisa 33 no nanaiky fa 3 minitra ny fe-potoana hanaovana fampielezan-kevitra. Solombavambahoaka miisa 28 no nilaza fa hatao 1 minitra izany.

Taorian'izany, niroso tamin'ny fampielezan-kevitra ny kandida tsirairay ary samy nilaza ny traikefany ananany tao anatin'ny 3 minitra sady nandresy lahatra ny Solombavambahoaka.

Rehefa vita izany, nambaran-dRamatoa Filoha fa hiroso amin'ny latsabato ny Solombavambahoaka. Nampahatsiahiviny tamin'izany fa ny andininy faha-93, andalana faha-2 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena izay milaza fa: Raha tsy maintsy miroso amin'ny latsabato ny Antenimierampirenena, amin'ny fanondroana olona manokana dia atao miafina izany. Amin'io tranga io, ny latsabato dia atao eny amin'ny sehatra eny anoloana.

Ampiharina ihany koa ny andininy faha-44, andalana faha-6 izay milaza fa ny antsasamanilan'ny vato manan-kery no takiana amin'ny fifidianana fihodinana voalohany; amin'ny fihodinana faharoa dia efa ampy izay mahazo vato be indrindra, raha mitovy ny isam-bato, izay zokiny no tendrena.

Taorian'izay, niangavy ny Mpitantsoatra Ramatoa Filoha hanonona ny anaran'ireo Solombavambahoaka hanatanteraka ny fandatsaham-bato.

Talohan'izany anefa nanao satroka Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert, nambarany tamin'izany fa misy Solombavambahoaka roa tsy afaka miatrika ity fifidianana ity, ka nanome fahazoan-dalana ho an'ireo Solombavambahoaka namany mba handatsaka ny vatony.

Nanao satroka Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas amin'ny fandavany ny "vote par procuration", fa tokony hangarahara ny fifidianana hatao.

Nanao satroka koa Andriamatoa FAMINDRA Justin amin'ny tokony hirosoana amin'ny fifidianana. Lapan'ny demokrasia ato, hoy izy, ka izay lanin'ny besinimaro ihany no arahana.

Nanao satroka ihany koa Andriamatoa RAZARA Pierre Ravolaza Fidèle ary nanao fanamarihana mikasika ny taratasy fanomezan-dalana fifidianana. Nangataka koa ny tenany ny hanemorana ny fifidianana amin'ny fotoam-pivoriana manaraka.

Nambarany fa tsy rariny ny hanaovana ny "vote par procuration" izany.

Entina hanaporofa izany, niangavy ny Solombavambahoaka, Ramatoa Filoha, mba hamaky ny andininy faha-91 ao amin'ny Fitsipika Anaty Mifehy ny Antenimierampirenena manambara sy mamaritra izany.

Nanao satroka Andriamatoa MAMANGY Norbert ary nambarany, fa anisany niteraka olana teo aloha ny fanaovana izany fifidiana atao amin'ny alalan'ny fanomezan-dalana izany, ka tsy tokony hatao fa latsabato miafina no hotanterahana hialana amin'ny olana nisy teo aloha.

Nohamafisin'Andriamatoa RAKOTONIRINA Jimmy Joe, fa nijanona tany an-toerana ny tenany, fa tsy niakatra nanatanteraka ity fifidianana ity raha azo atao ny manao fifidiana amin'ny alalan'ny fanomezan-dalana. Noho izany, nangatahany ny hanaovana fifidianana ampahibemaso.

Andriamatoa RABEKIJANA Solofo Hery kosa, tamin' ny alalan'ny satroka nataony dia nilaza, fa matoa nifidy an-dRamatoa Filoha ny Solombavambahoaka dia noho ny fankasitrahany ny fisian'ny fiovàna eto amin'ny Antenimierampirenena. Efa nilokaloka ny hanandratra avo ny hasin'ity Andrimpanjakana ity koa izy tamin'izay. Noho izany, aoka hijanona ny "vote par procuration" fa "présence physique" no ilaina.

Nanao satroka Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas, niangavy ny tsy hanaovana ny “vote par procuration”.

Nanao satroka, Andriamatoa RAZAFINANDRASANA Raulan, fa aleo omena ny mpilatsaka hofidina ny fitenenana mba tsy hisian’ny adihevitra lava intsony. Tsy tokony hisy ny tsy fanarahan-dalàna, fa raha tehanova ny Fitsipika Anaty dia tokony hanome sosokevitra mikasika izany.

Nampahafantarin’Andriamatoa RIVOTIANA Richard Jean Bosco, fa tsy tokony hisy tsangan-tànana, fa ny fampiharana ny Fitsipika Anaty no tokony hatao ary tsy tokony hisy fakana ny hevitra ny kandidà.

Nantitranterin’Andriamatoa HENRI Jean Michel, fa efa nahazo “avis de conformité” tany amin’ny HCC ny Fitsika Anaty Mifehy ny Antenimierampirenena, ka tsy tokony hoterena handika lalàna Ramatoa Filoha sady efa tany tan-dalàna isika izao.

Rehefa izany, nametram-panontaniana mikasika ny hanekena na tsia ny fanomezan-dalana roa tonga eo am-pelan-tànany, Ramatoa Filoha.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa ROKOTOMANJATO Rodin Edmond Georges dia nambarany fa nitolona isika taloha mba hialana amin’ny tsy mety, izao indray ve dia hiverina amin’izany.

Nanao satroka Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore momba ny fifandaminana amin’ny fandraisam-pitenena, ka Solombavambahoaka MAMANGY Norbert, no nambarany fa ho solotenan’izy ireo amin’izany. Nambarany fa tsy tokony hisy ny fifampitsabahan’ny Vondrona Parlemantera, toy ny fisintonana ny Solombavambahoaka ho any amin’ny Vondrona Parlemantera hafa. Nampatsiahiviny, fa tokony hisy ny fanaraha-dalàna amin’ny zavatra atao tahaka izao.

Raha nomena fitenenana, Andriamatoa RAJOELINA Andriami-harimanana Seth, nanambarany fa tokony hisy ny fanaran-dalàna, ka ny Fitsipika Anaty Mifehy ny Antenimierampirenena izay eto am-pelan-tànantsika no hampiharina.

Nambaran’Andriamatoa FERNAND Jeannot, fa tokony hiroso amin’ny latsabato amin’izay, fa mahamenatra ny zava-misy miseho eto ankehitriny. Nomarihany fa tsy mankasitraka ny tsy fanaran-dalàna izy.

Nohamafisin’Andriamatoa RAZANADRABEARIMANANA Jacques Aurelien, fa aleo manolotra sosokevitra raha mieritreritra te-hanova ny lalàna misy.

Rehefa vita ny fandraisam-pitenenan’ireo Solombavambahoaka tamin’ny alalan’ny satroka dia nampahafantarin-dRamatoa Filoha ny fahatongavan’ireo fanomezan-dalana roa eo am-pelan-tànany.

Mikasika izany dia nanolotra sosokevitra izy amin’ny hirosoana amin’ny tsangan-tànana fanindroany amin’ny filazana maha ara-dalàna na tsia ireo ny fanomezan-dalana ireo. Izany dia amin’ny anaran-dRamatoa RAHELIHANTA Jocelyne, manome alalana an’Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert. Ny faharoa dia Andriamatoa RAYMOND, manome alalana an’Andriamatoa NASIRA Julien.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 55 no nanaiky ny hampiasana ny fanomezan-dalana; Solombavambahoaka miisa 25 no nitsipaka, tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny hanatanterahana ny fandrotsahana vato amin’ireo fanomezan-dalana miisa roa ireo.

Rehefa izany, nambaran-dRamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fifidianana ny Solombavambahoaka satria efa voaomana ny fitaovana ho amin'izany.

Niangavy an-dRamatoa Mpitantsoratra, Ramatoa Filoha, hanonona ny anaran'ireo Solombavambahoaka hanao ny fandatsaham-bato.

Nanao satroka, Andriamatoa FAMINDRA Justin, mikasika ny fomba harahina amin'ny latsabato, toy ny fanononana ny anarana na ny laharana mba tsy hisian'ny vato maty.

Nampahafantaran'Andriamatoa RAKOTOMAMONJY Neyptraiiky, fa mankatoa ny fanapahan-kevitra ny maro anisa izy kanefa tsy midika izany, fa izay lalàna tian'ny maro an'isa dia azo ampiharina.

Rehefa vita izany, niangavy ny Mpitantsoratra hanatanteraka ny fiantsoana anarana, Ramatoa Filoha satria hiroso amin'ny fifidianana ny Solombavambahoaka.

Nanatontosa izany, Ramatoa RAFENOMANTSOA Tsirimaharo Ny Aina.

Rehefa izany dia niroso tamin'ny fandatsabato ny Solombavambahoaka.

Nandritry ny fandatsaha-bato, niangavy Solombavambahoka miisa 4, Ramatoa Filoha, hanara-maso ny fizotran'izany, ka ireto avy izy ireo.

- Andriamatoa RAZANADRABEARIMANANA Jacques Aurelien.
- Andriamatoa RANDRIANASOLO Augustin.
- Ramatoa MICHELLE Bavy Angelica.
- Ramatoa RATSIMANDRIONA Aida Hardy

Taorian'izay dia niroso tamin'ny fandatsaham-bato ny Solombavambahoaka.

Nisy lamina nambaran-dRamatoa Filoha amin'ny hanatanterahana ny fifidianana ka toy izao izany: milahatra tsidimidimy avy ary samy manonona ny anarany tsirairay ny Solombavambahoaka. Maka ny taratazin-datsabato ary mankao amin'ny "isoloir" aorian'izay mandatsaka izany ao amin'ny "urne" eo anoloana.

Rehefa vita ny latsabato dia niangavy Solombavambahoaka miisa 4, Ramatoa Filoha, hanao ny fanisambato, ka ireto avy izy ireo, Andriamatoa isany:

- RAVONTY Tam Teon Luc Urbain
- RANDRIANASOLO Augustin
- Andriamiatrikarivo Tiana James Pierrot
- ANDRIAMANJATO Liantsoa Bina.

Toy izao no vokatry ny fanisambato:

Isan'ny Solombavambahoaka nandray anjara tamin'ny fifidianana 93.

Vato fotsy : 02

Vato maty: 00

Vato manan-kery: 91

- Vato azon'Andriamatoa Andriamatoa RANDRIAMALALA Robert Charly: 00
- Vato azon'Andriamatoa RALAIARILIVA Ndrina Mamy: 00
- Vato azon'Andriamatoa RAKOTONANDRASANA Roger: 00
- Vato azon'Andriamatoa RAZAFIMAMONJY Laza Rabary: 00
- Vato azon'Andriamatoa BENAIVO Andrianaly: 60
- Vato azon'Andriamatoa RAVELOSON Jean de Dieu: 00

- Vato azon' Andriamatoa KOERA RAHARIJAONA Alain: 00
- Vato azon'driamatoa RAKOTOMAHANINA Franklin James: 00
- Vato azon' Andriamatoa ANDRIATSIVERY Eugene Jean Larsène: 00
- Vato azon'Andriamatoa RANDRIANAVALOMIHAJA Fidilalao: 00
- Vato azon'Andriamatoa IAVIZARA RASOLONJATOVO Franck Julson: 00
- Vato azon'Andriamatoa RAJAONARISON Chali Hyacinthe James: 20
- Vato azon' Andriamatoa RALEVASON Hery Tiana: 02
- Vato azon'Andriamatoa Andriamatoa RANADY Alson Georges: 00
- Vato azon'Andriamatoa RAKOTONIAINA Lova: 00
- Vato azon'Andriamatoa FELICE Adolphe: 00
- Vato azon'Andriamatoa RANDRIAMBELOSON Angélo François: 00
- Vato azon'Andriamatoa RANDRIAMITOVO Edmond: 00
- Vato azon'Andriamatoa RANIVOARISON Jemison: 00
- Vato azon-dRamatoa ANTILAHY Herimpitia Esthelle Rolande : 00
- Vato azon'Andriamatoa RAZAFINDRAKOTO HASINA Niombonana: 00
- Vato azon'Andriamatoa MAHEFASOA ANDRIANAMBININA Daniela Fidimalala: 00
- Vato azon'Andriamatoa RASOLO Nandrasana Georges:09
- Vato azon'Andriamatoa TSIFAKIA Pascal: 00

Rehefa izany, nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany tamin'ny isam-bato 60 Andriamatoa BENAIVO Andrianaly, laharana faha-5 ka izy no hisolotena ny Antenimierampirenena eo anivon'ny Vaomiera Mahaleotena Misahana ny Fifidianana na ny CENI.

Taorian'izay, niarahaba azy Ramatoa Filoha ary nirary ny hahavitany antsakany sy andavany ny andraikitra apetraka aminy.

Niangavy an'Andriamatoa BENAIVO Andrianaly, Ramatoa Filoha, mba handray fitenenana taorian'ny fahalaniany.

Fisaorana ny Solombavambahoaka no voalohan-teniny tamin'ny nahavoafidy azy. Nambarany tamin'izany, fa noeritreretina fa tokony ho tamin'ny faha-10 Jona 2020 no saika nanatanterahana ity fifidianana ity, saingy androany no sitrak'Andriamanitra nahavitan'izany.

Nanome toky ny Solombavambahoaka ny tenany, fa tsy hanalabaraka ny Antenimierampirenena izay nifidy azy amin'izao andraikitra izao.

Taorian'ny hiatoan'ny fivoriana, nambaran-dRamatoa Filoha, ny fandahara-potoana manaraka, izay fivoriana handinihana sy handraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Tolo-dalàna laharana faha-02-2019/PL mikasika ny Sarimihetsika, natolotry ny Solombavambahoaka JOHASY RAHARISOA Eléonore sy ny hananganana Vaomiera manokana momba ny fiampangana eo anatrehan'ny HCJ izay hatao ny Alakamisy faha-2 Jolay 2020.

Niato tamin'ny 5 ora sy 35 minitra, hariva, ny fivoriana rehefa vay nisaotra ny mpivory, Ramaroa Filoha.



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona